# ALAHADY 21 FEB 2021

Ao amin'ny filazantsaran'i Matio ry havana, **Matio 13.** Andeha iarahantsika mamaky aloa eto am-panombohana ny **and.49-50 :** « **Dia tahaka izany no hatao amin' ny fahataperan' izao tontolo izao; hivoaka ny anjely ka hanavaka ny ratsy fanahy hisaraka amin' ny marina, dia hatsipiny any amin' ny fandoroana lehibe mirehitra afo izy; any no hisy ny fitomaniana sy ny fikitrohanify** ».

Tenin'i Jesoa io ry havana, mamarana fanazavana 7 momba ny fanjakan'Andriamanitra ; dia io teny enjana be io no amaranany an'izany fampianarana momba ny fanjakan'Andriamanitra izany. Raha raisina io hoe, araka ny tenin'i Paoly ho an'ny Tesaloniana, hoe raisina io ho tenin'olombelona, dia tena hoe : tsy mampahery, mandrahona, mampatahotra ilay teny. Fa raha raisina kosa io, araka ny tenin'i Paoly ho an'ny Tesaloniana, hoe tenin'Andriamanitra ry havana ; ary satria tenin'Andriamanitra, dia isaky ny mamaky an'ilay izy isika, isaky ny misaina an'ilay izy isika, dia miasa ao anatintsika ilay teny, mahatonga saina antsika ny amin'izany zavatra tsy maintsy ho avy izany. Zavatra hoe faran'izay manjavozavo sy abstrait amintsika izany hoe : hisy ny fahataperan'izao tontolo izao. Tsy takatry ny saintsika izany ry havana ô. Tsy takatry ny saintsika koa izany hoe amin'izay fotoana izay dia hisy anjely hanavaka ny ratsy fanahy sy ny marina. Tsy takatry ny saintsika izany ; hoe : Andriamanitra fitiavana tsy manao an'izany. Ary tsy takatry ny saintsika koa e, tsy azontsika eritreretina izany hoe ireo ratsy ireo, ireo ratsy fanahy ireo dia hoe atsipiny any amin'ny fandoroana lehibe mirehitra afo. Tsy takatry ny saintsika izany. Fa misaotra ny Apostoly Paoly, izay miresaka amin'ny Tesaloniana hoe : tenin'Andriamanitra io. Ary enga anie ry havana ô, hiasa ao amintsika izany tenin'Andriamanitra izany ka mba ho tonga tena hoe : réalité ho avy andrasantsika ary iomanantsika izany hoe fahataperan'izao tontolo izao izany, izany hoe fahalevonan'io

lanitra io sy io tany io izany. Mba ho réalité amintsika satria miasa ao amintsika ilay tenin'Andriamanitra, ka hanampy antsika hoe hahatakatra an'izany ry havana, iomana amin'izany, handray an'izany sérieux, dia hoe : ataovy tanjona izany. Inona no hoe atao tanjona ? Hoe rehefa tonga ny fahataperan'izao tontolo izao, ataoko tanjona eo anatrehan'ilay anjely ny tsy hatahotra hoe avahany toy ny ratsy fanahy dia atsipiny any amin'ny fandoroana mirehitra afo lehibe aho. Ataovy tanjona izany.

Nahafinaritra ahy ilay teny-na mpitoriteny anankiray ry havana manao hoe : ianao ange raha mpilalao football e, ka raha tsy fantatrao hoe etsy ny poteau an'ilay but-ny adversaire, tsy fantatrao hoe ary izany no tokony ampidirako ny baolina, dia tsy hahatafiditra baolina mihitsy ianao. Izay, mazava be izany. Misy kristiana tsy mahafantatra hoe ery ange no tokony ampidirana ilay baolina e. Fa miteny aminao Izy hoe : tandremo e, tandremo. Ary fitiavana no anaovany an'izany teny entitra be izany hoe : hisy ny fahataperan'izao tontolo izao, ary dia hoe hisy ny fanavahana, hisyny fampisarahana ny ratsy sy ny tsara, ary tena misy izany fandoroana mirehitra afo lehibe izany.

Andao ary jerentsika izany hoe toe-po, toe-panahin'ny olona izay miomana ho amin'izany. **Nehemia 9**. Fantatsika tsara fa ny bokin'i Nehemia dia mitantara ny iraka nampanaovina an'i Nehemia hanangana indray ny mandan'i Jerosalema izay noravan'ny fahavalo raha nataon'Andriamanitra sesi-tany tany Babylona ny Zanak'Isiraely. Dia rehefa navotsotra ny Zanak'Isiraely, dia Nehemia no nahazo an'izany mission hoe hanangana ny manda izany. Ka eto amin'ity perikopantsika ity : efa narenina ilay manda. Vita ilay manda. Vita koa izany ny tempoly an, efa vita ilay manda. Izany hoe efa vita ilay fanarenana physique, ilay fanarenana materialy. Fa eto, ny zavatra atao indray dia fanarenana ara-panahy. Fanarenana ny toe-panahin'ny vahoaka izay vao niverina avy amin'ny sesi-tany. Ary azo fintinina ohatran'izao izany ilay toriteny ry

havana : **JEREO IHANY RY HAVANA O, SAO DIA HOE MILA HARENINA NY TOE-PANAHINAO. JEREO IHANY SAO DIA MILA HARENINA NY TOE-PANAHINAO.**

Ny Fahamarinana 1 ho an'izany hoe miomana ho amin'ny fahataperan'izao tontolo izao, mandinin-tena hoe sao dia mila harenina ny toe-panahiko ; ny Fahamarinana 1 dia hitantsika eo amin'ny **and.1** amin'ny **toko 9.** Andeha ange, ho anareo izay manana Baiboly misokatra, **Nehemia 9 :1 :** *« Ary tamin' ny andro fahefatra amby roa-polo tamin' izany volana izany dia niangona ny Zanak' Isiraely sady nifady hanina no samy nitafy lamba fisaonana sy nihosin-tany ».* Nifady hanina, nitafy lamba fisaonana sy nihosin-tany. Ny **Fahamarinana 1** izany dia izao : **NY OLONA IZAY MIOMANA HO AMIN'NY FAHATAPERAN'IZAO TONTOLO IZAO DIA MITAFY LAMBA FISAONANA.**

Inona no dikan'izany ? Mitafy lamba fisaonana. Raha ampatsiahivina ny zavatra mitranga ao amin'i **Nehemia 8** satria io **Nehemia 9**, dia novakiana teo amin'ny vahoaka iray manontolo, na lahy, na vavy, hatramin'ny ankizy izay mahahaino, mofon'aina omaly izy io an, ny lalàna. Vao maraina mandra-pitataovovonana, nandritra ny adiny 6 novakiana ny lalàn'i Mosesy ry havana ô. Tsy hoe novakiana tany amin'ny étude biblique izany, fa novakiana tao amin'ny Fiangonana. Adiny 6 maninjitra namaky ny lalàn'i Mosesy. Eo daholo ny vahoaka. Dia ilay vahoaka ireo, nahare izany lalàna izany, dia niasa tao aminy izany lalàna izany, niasa tao aminy ilay tenin'Andriamanitra ry havana ô. Dia hitantsika eto amin'ny **and.1** eto hoe nifady hanina izy an, nitafy lamba fisaonana ary nihosin-tany. Inona moa no tian'ny Soratra Masina ambara ? Nifady hanina ry havana. Ny olona hoe manapa-kevitra hifady hanina dia noho ny antony tsotra : feheziko daholo ny momba ny tenako, momba ny nofok, ny filàna rehetra mba hahazoako tena hoe manokana ny foko, manokana ny fanahiko ho an'Andriamanitra. Izany ilay fifadian-kanina izany. Tena hoe fi-se consacré-na bebe kokoa ho an'Andriamanitra. Mbola lavitra an'izany isika ry havana ô. Ny FJKM efa mba mametraka

ihany hoe isaky ny Sabotsy farany amin'ny volana Janoary, dia mba hoe mifady hanina ny FJKM. Tsy manampoka, efa fantatra ilay izy : an an an, an an an. Isaina amin'ny ratsan-tanana ny mpiangona, isaina amin'ny ratsan-tanana ny mpiandry, isaina amin'ny ratsan-tanana ny diakona. Izany isika mianakavy e. Ary izay no mahatonga ny Tompo hiteny amintsika hoe : JEREO IHANY E, SAO DIA MILA HARENINA NY FIAINAM-PANAHINAO RY HAVANA O.

Mifady hanina – Mitafy lamba fisaonana. Important be ilay naoty kely, ilay chiffre 3 ; nitafy lamba fisaonana ; dia ilay chiffre 3 manao hoe : lamba malailay. Malailay ilay lamba satria lazain'ny mpandinika hoe avy amin'ny volo-na osy no anaovana azy. Dia mahatonga an'ilay dikan-teny hoe lamba malailay : rehefa anaovana ilay izy, dia malailay ianao, tsy azonao ny ainao. Iasan'ilay tenin'Andriamanitra izany ilay olona, mahatsiaro ny maha-mpanota azy, dia mifady hanina. Dia asaina manao lamba fisaonana, ohatrany hoe : tokony tsy à l'aise ohatran'izany ianao rehefa manota e. Na manota kely ianao, na manota lehibe. Fa ny antsika, inona no ataontsika ? Pasitera an, aza dia extrémiste ohatran'izany. **Mitafia lamba fisaonana, mitafia lamba malailay ary manomboka izao : angataho ny Fanahy Masina hiasa ao amin'ny teny izao omeny anao mba hahatsiaro malailay ianao ao anatin'ny fahotanao. Dia afaka mitodi-doha soa aman-tsara ianao ho any amin'izany fahataperan'izao tontolo izao izany.**

Ary ny fahatelo farany dia hoe : nihosin-tany. Nihosina tany. Ilay mihosina tany :ny loha no mihosina tany : mihosika vovoka, mihosina fotaka. Izany ny olona mahatsiaro ho mpanota. Mety hanao crème ianao, esthétique ianao, beauté ianao, sy ny karazany : mihosina fotaka ny lohanao ry havana ô. Ary tsy ilay mihosina fotaka no manahirana, fa ilay fahatsiarovan-tena hoe mihosina fotaka dia mila mifona aho, mila mibebaka aho.

Izay izany ilay toetra voalohany, hoe : mifady hanina, mitafy lamba fisaonana ary mihosim-bovoka ny loha ry havana ô. Faly Andriamanitra, faly Andriamanitra raha manana an'izany toe-po izany ianao. Fa araka ilay teny teo, hoe : JEREO IHANY SAO

MILA HARENINA NY TOE-PANAHINAO RY HAVANA O.

Ny **<u>Fahamarinana 2 </u>**dia izao : **NY OLONA MANANA AN'IZANY TOE-PANAHY HIATRIKA NY FAHATAPERAN'IZAO TONTOLO IZAO IZANY, DIA ATORON'I NEHEMIA ETO HOE : FENO FANKATOAVANA**

Vakiantsika aloa ny **and.3** ry havana : *« Ary nitsangana teo amin' ny fitoerany avy izy, dia namaky ny teny tao amin' ny bokin' ny lalàn' i Jehovah Andriamaniny tamin' ny ampahefatry ny andro ».* Tamin'ny ampahefatry ny andro. Omaly an : adiny 6 ; androany an, mbola adiny 3 indray. Hatsangano ny tanan'izay hoe « andao ary isika hamaky teny adiny 3 ry havana ». Angamba tsy hisy tanana mitsangana. Tsisy tanana mitsangana eo e. Rehefa manao toriteny 25 minitra ianao, dia hoe : lava toriteny Pasitera androany ; izay. Mbola aiza re izany adiny 3 izany e ? Ary ry zareo tsy hoe mihaino e mihaino mandritra ny adiny 3 ; fa jereo ny **Nehemia 10** ry havana, iarahantsika mamaky ny **and.30 :** *« dia samy nikambana tsara tamin' ny andriandahy rahalahiny ka niozona sy nianiana hanaraka ny lalàn' Andriamanitra, izay nampilazaina an' i Mosesy, mpanompon' Andriamanitra, ary hitandrina sy hankatò ny didy rehetra izay nataon' i Jehovah Tompontsika mbamin' ny fitsipika sy ny lalàny ».* Izany ny olona miomana ho amin'ny fahataperan'izao tontolo izao. Izany ny olona manarina ny toe-panahiny ; fa tsy te ho avahina miaraka amin'ny ratsy izy rehefa ho avy ny anjely hanavaka ny ratsy fanahy sy ny marina ry havana ô. Mihaino adiny 3, dia hoe vonona ny hitandrina ny lalàna, ny didy, ny fitsipika, ny teny rehetra. Izaho milaza amintsika ry havana, fa raha isika mianakavy no miray saina mifanaiky hoe andao rangaha, n'inon'inona fahasamihafantsika, n'inon'inona fijery ny fiainam-piangonana, miray saina hoe hitandrina ny didy rehetra : tsy ohatran'izao ny fiainan'ity Fiangonana ity e, tsy ohatran'izao ity ry havana ô. Fa misaotra ny Tompo, misaotra ny Tompo ; ary tsy ohatran'izao ny fiainan'ity firenena ity ; satria ilay vahoaka iray manontolo eto, araka ilay nolazaina teo : mihaino, maharitra amin'ny fihainoana, ary vonona hitandrina.

Misy zavatra manokana eto asain'ny Soratra Masina tandremana, eo amin'ny **and.2** ry havana : *« Dia niavaka tamin' ny olona hafa firenena rehetra ny taranak' Isiraely ary nitsangana ka niaiky ny fahotany sy ny heloky ny razany ».* Ilay tapany voalohany hoe : *« niavaka tamin' ny olona hafa firenena rehetra ny taranak' Isiraely »*. Fankatoavana ny didin'Andriamanitra io hoe niavahany tamin'ny olona hafa firenena. Ilay « niavaka », dia hoe : « ils se sont séparés » ; ilay « niavaka » dia hoe tsy niaroaro, ilay « niavaka » dia hoe : tsy nifanerasera, tsy nifandray. Eto izy hoe andeha hoe hidera an'Andriamanitra. Tsy mitovy ry havana ny hoe : samy hidera ; ilay fomba fideran'ny zanak'Andriamanitra sy fomba fideran'ny zanak'izao tontolo izao. Ary io, tena hoe entitra Andriamanitra, ary masiaka Andriamanitra amin'io fiaroaroan'ny zanany amin'ny jentilisa io ; fa izany tsy mahataitra antsika izany e. Tsy mahataitra antsika izany. Dia tena hoe voatery nanaovana lalàna manokana ahatonga saina ny Zanak'Isiraely hoe : **tandremo ny manambady zanaka jentilisa e. Tena fady antsika izany manambady zanaka jentilisa izany. Fa raha manambady zanaka jentilisa ianao, tsotra ny vokany ry havana : lasa tahaka ny jentilisa ianao, hiaina tahaka ny jentilisa ianao, hiteny tahaka ny jentilisa ianao, hisakafo tahaka ny jentilisa ianao, hankalaza an'Andriamanitra tahaka ny jentilisa ianao. Tsy izany no sitrapon'Andriamanitra ry havana ô. Tsy izany ny sitrapon'Andriamanitra. Ary ireo jentilisa ireo, izay hoe ifaneraseranao ireo : hanana mauvaise influence aminao. Tapaho ny hevitra ry havana ô, hoe hitandrina izay rehetra andidin'Andriamanitra anao. Izany ilay manarina toe-panahy. Ary ao anatin'izany : imasoy manokana ny hihavaka ka tsy hifanerasera ; ilay manao bonjour moa maninona, fa ilay hiray zioga amin'ny jentilisa.**

Misy tovolahy izay, tamin'ireny fotoanan'ny 150è-ny Fiangonana ireny, nangatahinay vola. Fantatra izy fa manamanana ary tia manome. Dia hoy izy hoe : Pasitera an, andraso aloa, fa misy zavatra andrasako, dia raha vao mipoaka io, hanao mihoatra

noho izay tandrify ahy aho. Dia nandeha teny moa ny jobily, dia mihainohaino aho, miandriandry aho ; dia nanontaniko ilay ranamana hoe aiza ho aiza fa efa mamarana izao, efa hamarana izao : « kely sisa, kely sisa, kely sisa ». Niantso ahy ilay ranamana io indray mandeha. Izaho nieritreritra hoe hilaza hoe oviana no afaka mandalo, aiza no aterina ilay anjarako ? hoy izy hoe : « vonjeo aho Pasitera an, vonjeo aho fa izao vao hitako hoe taiza ny nametrahako ny tongotro ». Fa ahoana hoy aho ? « An an an, tsy vitako téléphone ilay izy fa aleo aho ho ao amin'ny biraon'i Pasitera ». Dia tonga tao amin'ny birao tao izy. Ilay izy ange hoy izy, tsy nivoaka hatramin'izao e. Nefa signature anankiray fotsiny no andrasana. Efa firy izay dingana nodinganina izay, fa tsy tafavoaka mihitsy ilay izy. Ary ilay izy : ny naha-tsy tafavoaka azy : tamin'ilay andro tokony nanaovana an'ilay signature dia hoy ilay partenaire-ko anankiray, nedala aloa tena hoe jentilisa be e, dia hoe : « tsy mahazo manao signature izany amin'io andro io ». Dia gaga be aho : maninona no tsy mahazo manao signature ? Ilay signature io, efa ela no niandrasana an'io. Tsy azo atao amin'io andro io ilay signature e. Dia tsy aritro : fa inona ny antony ? Dia hoe : mpitaiza an'ilay ranamana niteny hoe tsy azo atao ny manao sonia. Mandrak'ity ny androany, efa 5 taona izao : tsy mbola nivoaka ilay signature ry havana. **Aza manao zioga tsy atonona amin'ny jentilisa e.** Ilay ranamana nangatahako vola : tsy miditra am-piangonana intsony izao. Voasarika any amin'ny fiainan'izao tontolo izao. Izany Alahady izany : any an-kafa izy fa tsy any am-piangonana ry havana ô. Ary izay izany, hoe : tandremo ny didin'Andriamanitra ary iavaho, isaraho izao tontolo izao sy ny fombany ry havana ô.

Izay ny **Fahamarinana 2.** Ny **Fahamarinana 1** dia ilay hoe : MITAFIA LAMBA FISAONANA. Ny **Fahamarinana 2** dia hoe : TANDREMO NY DIDIN'ANDRIAMANITRA ARY TANDREMO MANOKANA NY FIAVAHANA AMIN'NY JENTILISA.

Ny **Fahamarinana 3** farany ry havana, dia izao : **MITOMBOA AMIN'NY FIAINAM-BAVAKA**

Andao anie verenintsika vakiana ilay **and.3** e : « *Ary nitsangana teo amin' ny fitoerany avy izy, dia namaky ny teny tao amin' ny bokin' ny lalàn' i Jehovah Andriamaniny tamin' ny ampahefatry ny andro; ary tamin' ny ampahefatry ny andro koa dia nitsotra sy niankohoka teo anatrehan' i Jehovah Andriamaniny izy ».* Nitsotra sy niankohoka nivavaka izy ry havana ô, nandritra ny ampahefatry ny andro. Efa nolazaina teo : ny ampahefatry ny andro : adiny firy ? Adiny 3. Nihaino tenin'Andriamanitra adiny 3, nivavaka adiny 3.

Zaraiko aminareo, fa nahafinaritra ahy loatra, teny-na mpanompon'Andriamanitra anankiray izay, mpitoriteny malaza be. Hoy izy : **ny famaritana ny lanjanao, ny lanjanao spirituel sy ny lanjanao tout court ; ny famaritana ny lanjanao, dia izay lanjan'ny fiainam-bavakao.** Raha ohatran'iny ny fiainam-bavakao : maivana ianao ry havana ô, maivana ianao. Raha ohatran'izay ny fiainam-bavakao : mbola maivana ihany ianao. Ary ianao no mahafantatra hoe toa inona ny lanjan'ny fiainam-bavakao ; fa iny no andrefesan'ny Tompo ny valeur spirituelle-nao ry havana ô. Ny andrefesan'izao tontolo izao justement ny valeur : compte en banque ; ny andrefesan'izao tontolo izao : tômôbile, trano, matériel izao sy izao sy izao. Non non non, non non non. Izany fandrefin'ny olona tsy mahafantatra hoe hisy ange ny fahataperan'izao tontolo izao ary ho levona daholo izany e. Fa eto, ny ohatra omen'ny jiosy eto : nivavaka adiny 3 izy, rehefa nanomboka niasan'ny tenin'Andriamanitra adiny 6 la veille, ary mbola adiny 3 indray ny ampitson'izay, donc amin'ity andro ity ry havana ô. Izany. Tsarovy izay.

**Na hiodin-kavia ianao na hiodin-kavanana, n'inon'inona fahaizanao mandahatra : ny lanjanao dia miankina amin'ny lanjan'ny fiainam-bavakao ry havana ô.  Ary eto : vavaka fifonana ilay hoe nitsotra dia niankohoka. Ry havana ô, raha te hanarina ny fiainam-panahinao ianao : ataovy marina amin'izay ny fifonanao, ataovy marina amin'izay ny fibebahanao. Fanajana anie no hitenenana hoe : jereo ihany e, fa sao dia tokony harenina ny fiainam-panahinao. Fa matoa**

**tonga amintsika ry havana ô, izao teny izao, ny fiainantsika mianakavy, manomboka amin'ny an'i Pasitera : tokony harenina e.**

Inona ny zavatra tokony harenina, tahaka ny nanarenina ilay manda rava ? Zavatra rava no arenina. Zavatra mikorontana, mikorontana ambony ambany no alamina sy arenina ry havana ô. Ary io fahotanao mamatotra anao, io fahotanao mahazatra anao, io fahotanao tsy ifonanao io, no mampikorontana izany fiainam-panahinao izany. Io fahatezerana amin'izao sy izao sy izao io, io fankahalana io : anavahana anao ary ampiarahana anao amin'ny ratsy fanahy rehefa ho avy ny anjely hanavaka ry havana ô.

Inona moa ity hoe « fifonana » ity ? Inona no atao hoe « fifonana » ? Ekeo fa izao sy izao sy izao ianao e. Ekeo fa izao sy izao sy izao ianao. Dia hoy ilay mpanompon'Andriamanitra izay : « ka de toute façon ange efa fantatr'Andriamanitra izany e, hoe izaho izao sy izao sy izao. Ianao nge mifona e, tsy mampahafantatra zavatra efa fantatr'Andriamanitra momba anao ianao ; tsy izany no atao hoe fifonana. Fa tiany ianao hoe hiaiky. Izany no atao hoe fifonana ». Ahoana moa ny tsy ahafantariny hatrany anaty fonao lalina any, ny antsipirihan'ny fiainanao ? Fa tiany ianao hiaiky. Izay ny dingana voalohany amin'ny fanarenana ny fiainam-panahinao ry havana ô. Ary maro ny kristiana tsy ahitana fanovàna ao amin'ny fiainany, maro ny kristiana tsy ahitana fitomboana ao amin'ny fiainany, satria tsy honnête amin'ny tenany izy, mamita-tena izy ry havana ô. Mamita-tena izy satria rehefa mandre toriteny ohatrany izao hoe : jereo ihany sao dia tokony harenina ny fiainam-panahinao : « tena i anona mihitsy izany, tena i anona mihitsy izany, i anona mihitsy izany resahina eto izany ». Fa tsy takatry ny sainy hoe izy ange izany resahin'ny Tompo mivantana izany e, amin'izao maraina izao. Ary tsy tonga sain aizy fa mikorontana ny fiainany, satria inona ny zavatra hitany ? Zavatra ohatrany milamina no hitany : miasa tsara izy, mahazo karama plus ou

moins tsara izy amin'ny faran'ny volana, manana trano tsara izy, tômôbile sy ny karazany, dia tsy hitany hoe mikorotambelona ny fiainam-panahiny. Ary ho zava-doza izany rehefa ho avy ny anjely hanavaka, fa mety hatsipy izy any amin'ilay farihy mirehitra afo ry havana ô. Izany ange ny fitiavan'ny Tompo antsika e, amin'izao maraina izao. Miteny Izy hoe : manetre tena e ! Manetre tena Amiko e ! Ary ekeo hoe izao sy izao sy izao ianao ; fa Izaho hanarina io korontana io. Izaho Andriamanitry ny fananganana ny maty sy ny fiainana. Fa ny zava-doza, ny zava-doza ry havana, dia hoe : rehefa tsy entinao eo Aminy io fahotanao io, dia ohatrany aretina tsy tsaboina : hihombo, hihombo, hihombo, ary hitombo ilay fatorana ry havana ô. Hitombo ilay fatorana. Fa ny Tompo, n'inon'inona fatorana mamatotra anao, ary n'inon'inona fotoana efa namatorana anao : moa ve misy zava-mahagaga izay tsy hainy ? Moa ve misy zava-mahagaga izay tsy hainy ?

Faranana ry havana ô, izao teny izao : tia antsika ny Tompo, tia antsika ny Tompo dia miteny amintsika hoe : attention, attention : efa ho avy ny farany. Jerentsika ny **1 Tesaloniana 2**, fa natao ho antsika izay te hanarina ny fiainam-panahintsika io ry havana ô : **1 Tesaloniana 2** : miresaka ny jiosy sasany tany Jodia i Paoly, ao anatin'ilay ratsy fanahy resahin'i Jesoa ao amin'ny **Matio 13.** Iarahantsika mamaky ny **15 sy 16** : *« izay namono an' i Jesosy Tompo sy ny mpaminany koa ary nandroaka anay sady tsy manao ny sitrapon' Andriamanitra ary manohitra ny olona rehetra, ka mandrara anay tsy hitory amin' ny jentilisa mba tsy hamonjena ireny, mba hameno ny fahotan' ny tenany mandrakariva; kanjo efa niharan' ny fahatezerana hatramin' ny farany izy ».* Miteny aminao ny Tompo e : **HARENO NY FIAINAM-PANAHINAO. HARENO NY FIAINAM-PANAHINAO. MAHARETA AMIN'IZANY. ARY MAHEREZA. Ary aza gaga fa tsy maintsy hisy jiiosy ratsy fanahy manodidina anao anakivy anao, hanesoeso anao, araka ny tenin'i Paoly : ohatrany ny nisy tany Jodia : hanohitra anao ; hanohitra anao satria izany ny fiainany, izany ny fonctionnement-ny : manohitra ny olona rehetra. Aza kivy amin'izany. Hanesoeso hoe : inona, fa inona**

**izany fahataperan'izao tontolo izao izany ? Inona no hivakiana loha amin'izany ? Azafady amin'ilay fitenenana. Manohitra ny olona rehetra. Ary ireo indrindra manohitra, ireo tsy mianatra ireo indrindra hoy Paoly : lasa manohitra. Izay ilay izy : aza kivy. Handroaka anareo izy : aza kivy amin'izany hoy Paoly e. Fa ny anao atao tsara. Ny toe-panahinao harenina iomanana sy iatrehana izany fahataperan'izao tontolo izao izay tsy maintsy ho avy izany.**

Ho an'Andriamanitra irery ny voninahitra ry havana, ary ho amintsika Fiangonana ny fahasoavany. Amen